# Ilay Voa Tsara Nafafy 09 Oktobra 2018

# 9 **Talata** oktobra

***(Hoy Andriamanitra :)* Tsy hisy safodrano hanimba ny tany intsony... Ny avako efa napetrako eo amin'ny rahona, ho famantarana ny fanekena ho amiko sy ho amin'ny tany... Ary ho eo amin'ny rahona ny avana ; ary hitsinjo azy Aho, hahatsiarovako ny fanekena mandrakizay izay ho amin'Andriamanitra sy ho amin'ny zava-manana aina rehetra.** Genesisy 9. 11-16

## Ny avana

Iza no tsy babon'ny hakanton'ny avana eny amin'ny lanitra rehefa merika ny andro ? Efa hatrizay ny olona no nitolagaga, manoloana io sehon-javatra io, mahafinaritra azy kanefa tsy hainy hazavaina, hany ka omeny dikany samihafa ilay avana maro loko. Fantatra ankehitriny fa tana-masoandro anaty ranon'erika manify dia manify no mampitranga ny avana. Miasa toy ny vakim-pitaratra ireo vongan-drano bitika dia bitika, ka mampizarazara ny hazavana ho loko isan-karazany.

Ny Baiboly no mampahafantatra ny dikan'ny avana. Nitranga ny avana taorianan'ny safodrano nandringanan'Andriamanitra ny zanak'olombelona, feno herisetra sy simba tanteraka. Noa sy ny ankohonany ihany, niaraka tamin'ireo karazam-biby mivady avy, no notahirizina ho velona, voaaro tao anaty sambofiara. Taorianan'izany Andriamanitra dia te haneho ny famindrampony tamin'ny voariny. Koa nampanantena an'i Noa Izy fa tsy handringana intsony ny manana aina amina safodrano. Ny avana hita maso no hampahatsiahy izany fampanantenana izany, ho an'Andriamanitra sy ho an'ny olombelona. Andriamanitra tsy mivadika fa mitana ny teniny : izany no hafatra mahatretrika mbola ampitain'ny avana mandraka ankehitriny. Ireo rehetra mino an'Andriamanitra dia ampanantenainy fiarovana, antoka, famonjena, hery, ary ny fanatrehany. Mamirapiratra kokoa ny lokon'ny avana rehefa matroka ny lanitra ; dia toy izany koa, tarafin'ny famirapiratr'ireo fampanantenan'Andriamanitra ny androntsika manjombona noho ny fanahiana. Rehefa mahita ireo loko mahafinaritra ireo eny anelanelan'ny masoandro sy ny rahona isika, dia aoka hotsarovantsika ny harenan'ireo fampanantenan'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly.